# V.- MARI-PANDROSOANA



# Ny siansa

Nisy vilia napetraky ny mpampianatra teo ambony varavarankely, nasiany rano sy vohavoha izay nametrahany tsaramaso valo.

— Hatao inona ary io hoy Izanany ?

— Mandona tsaramaso toy io koa Ineny rehefa hahandro azy hoy Isoa saingy be dia be no lomany ao anaty vilany, sady tsy misy vohavoha.

Indray alina monja koa no andomany azy, dia ahandroiny ny ampitso.

— Hatao inona ary ireo tsaramaso vitsy ireo ?

Dia hadinonay ny tsaramaso.

Kanjo indray andro, nalain'ny mpampianatra avy eo ambaravarankely ilay vilia ary nasainy nanatona izahay.

Gaga aho nahita ny tsaramaso nitsimoka, nisy fakany sy voalohan-dravina.

— Hianatra siansa isika ka ny tsaramaso no hanombohana azy.

Hahafinaritra ahy izany mianatra siansa!



**Hazavao** : siansa — vohavoha — mandona — lomany — mitsimoka

**Ohabolana :** Izay mahay fianarana, izay tsy mahay feno arina.



# Vakiko ny vazy

Solafaka aho, saika potraka raha tsy nahasarangotra ny lambandatabatra. Voasintoko io lamba io ary nanaraka ny vazy teo amboniny, hany ka nianjera ary vaky!

Nitosaka eran'ny trano ny rano ary niparitaka ny voninkazo rehetra.

Taitra mafy aho sady natahotra izaitsizy. Ilay vazy tsy foin'Ineny indrindra lahy no vaky! ilay vazy nentin-dRakotobe avy any an-dafy.

Inona no hahazo ahy anio ? Ahoana no hataon'Ineny ahy ?

Nijoro elaela aho vao nahantso hoe : Ineny ô! Vakiko tsy nahy ny vazinao.

— Ahoana hoe ? Vazy inona ? Namonjy niditra faingana izy ary tafajoro teo am-baravarana. Nahita ny fahasimban-javatra izy ka hita nisoritra teny amin'ny endriny ny hatezerana miharo alahelo.

— Hazavao amiko ny antony namakianao ny vazy.

— Tsy niniako ry Ineny : Nibolisatra aho, ary angamba ho potraka mihitsy raha tsy nahavoaray ny lambandatabatra.

Nataon'Ineny tsara jery aho nefa nahajery azy tsy nikimpy koa. Niova niarakaminizay ny endriny, sady niteny izy nanao hoe :


— Nampalahelo tokoa ny vazy vaky; nefa tsy misy fomba azo amerenana azy intsony. Raha hoe ninianao novakina!...

Tandremo araka izay azo atao amin'ny sisa, sady miadana tsara raha mandeha ato an-trano.

**Hazavao** : **Solafaka — mahasarangotra — namonjy niditra — misoritra — mibolisatra**

**Ohabolana** : **Maso voan-tsakay, ka ny sisa no tandremana.**

53




## Ny ôtômôbilina

Nitaingina ôtômôbilina izahay ho any an-tsena Alakamisy. Tsy nandeha tsara ilay ôtô teny an-dalana, fa misy tsy mety hono, hoy ilay mpitondra.

Nijanona indroa izahay vao tonga. Isak'izay mandeha dia nisy zavatra nokitihin'ilay mpandefa tao anaty motera.

Hamboariko izy ity rehefa tonga any an-tsena isika fa sao manahirana rehefa niverina.

Ny olona nankany an-tsena fa izy kosa nanokatra ny saron'ny motera. Niera tamin'Ineny hijery ny mpanao ôtômôbilina fa tsy mba hiaraka aminy ho any an-tsena.

Mahafanina ny mijery ny piesy rehetra mifamahofaho ao amin'ny motera. Ny tariby sy ny zavatra maroloha tsy haiko lazaina.


Nesoriny niala tamin'ny motera ny karazam-bata kely boribory. Nojereny tsara ary notsofiny. Ny carburateur no tsentsin'ny fasika kely, hoy izy. Vao napetany tokoa ary noveleminy ny motera dia naneno tsara.

Hay zavatra kely foana, dia mety misakana ny fandehan'io zavatra lehibe io..



**Hazavao** : motera — mifamahofaho — carburateur

**Ohabolana** : Izay maharary itoeran'ny aina.



# Mandrehitra jiro

Idada ihany, na Ineny no mandrehitra ny jiro petromax. Rakotobe koa mahay mandrehitra. Fa izahay ankizy hono, tsy mahazo mandrehitra fa sao mampididoza.

Nojereko tsara izay nataon'Idada indray mandeha izay. Io ve dia tsy ho haiko ? hoy aho anakampo.

Noraisiny aloha ilay fandrehetana misabaka, mifono zavatra toa vorodamba nefa tsy mety may. Natsobony tamin'ny alkôla iny, napetrany teo amin'ny lavaka manodidina ny andrikely ihantonan'ny kitapo.

Dia notsoloany afokasoka. Afaka kelikely dia nahodiny ilay famoahana ny gaza. Nisososo ny jiro nefa tsy mbola nazava. Natositosik'Idada tamin'izay ilay mpaompy, ary indro fa nazava tsikelikely ilay kitapo. Farany, nazava be tsy laitra nojerena. Dia nanantona azy tamin'ny toerany sisa nataony.

Nieritreritra aho fa angamba ho haiko ny handrehitra io jiro io.

**Hazavao** : **jiro Petromax — mampidi-doza — misabaka — andrikely — kitapo — gaza — tsy laitra nojerena**

**Ohabolana** : **Tsy mety ny maizina am-pototry ny jiro.**



# Nandalo ny avion

Naka rivotra izahay. Samy variana tamin'ny lalaony avy. Izaho sy Ibe nanao kanety ary ny namanay hafa nanao raboka.

— Avion ô, hoy ny hiakiak'Inaivo.

Taitra daholo izahay ary tafajoro avokoa.

Namerina nikiakiaka Inaivo nanao hoe « Avion ô » sady nanondro nianavaratra.

Tazanay tokoa ny avion manatona tsikelikely. Mbola lavitra ihany izy, nefa nihalehibe sady nireondreona.

— Avion avy any Antananarivo ho any Fianarantsoa iny, hoy Isana.

Vetivety dia nandalo teo ambony lohanay izy ary nankarenintsofina.

Nanipy taratasy manga betsaka izy. Nifamonjenay ny taratasy ka izay nahazo dia faly ery namaky azy : « manimba sy mahangazana ny afo — Tandremo ny afo!

Sambatra lahy ny olona any anatin'ny avion iny; manidina toy ny vorona.



**Hazavao :** avion — mireondreona — mahangazana

**Ohabolana :** Aza maika tsy faingana toa dian'ondry.



# Tonga ny zokinay

Mianatra amin'ny kolezy normaly Rakotobe zokinay. Nisy fifidianana mpianatra halefa any an-dafy hitsangatsangana, amin'ny vakansy faran'ny taona. Isan'ny voafidy Rakotobe.

Telo volana izy enimpolo mianadahy tany ihany, fa izany no isan'izy rehetra avy eto Madagasikara.

Henonay niteny tamin'ny radiô izy indray mandeha. Toy izao no ventimbentiny renay :

« Any Idada sy Ineny ary ny zandry malala rehetra. Tonga soa aman-tsara taty Parisy izahay ny ampitson'ny nialanay teo Arivonimamo. Ary efa nitety tanana betsaka ka nahita zavatra mahatalanjona maro. Izao dia tafaverina eto Parisy indray ary eto amin'ny fandefasampeo aho izao.


Mitombo hagagana hatrany izahay mahita ireo zavatsoa maro karazana vitan'ny olona mahay sy mandroso. Mianara tsara, ry zandry rehetra, hitondra sary betsaka aho, mba hahitanareo ny endrijavatra maro samihafa. »

— Izany ary, hoy Idada taminay. Tsara tokoa ny fianarana.

**Hazavao** : kolezy normaly — ventimbentiny — mitety — fandefasampeo

**Ohabolana** : Ny don-davitra mahamanina.

57



# Ny Katalogy

Mahazo katalogy Idada sy Ineny indraindray : voan'anana sy voninkazo ary karazan-kazo no amidin'ny mangazay mandefa azy. Tsara loko mahafinaritra ny sarim-boninkazo ao. Omeny anay ny katalogy lany andro. Ifandrombahanay ny manety ny sary tsara tarehy ao anatiny apetakay amin'ny kahie.

Feno sarin'olona kosa ny katalogy sasany : vehivavy, lehilahy, ankizy. Ary misy koa sarin'ny fitafiana isan-karazany : kiraro, lobaka. Tsy mahafinaritra loatra iny.

Ny tena tsara, dia ilay katalogy azon'Idada isan-taona. Matevina tokoa io ary samihafa loko ny raviny. Mahavariana fatratra ny mamadibadika azy, ary mandany andro tokoa.

Ao avokoa, na basy, na bisikilety, na radiô. Fanjonoana, fitafiana, fakantsary, fiasana ho an'ny asa-tanana maro samihafa, boky, voan'anana na voam-boninkazo. Tsy tambo tononina, satria misy pejy manakaiky ny arivo.

Betsaka hono ny zavatra efa nohafaran'Idada tamin'ny mangazay mandefa io katalogy io, indrindra fa ny fiasana madinidinika ampiasainy.

**Hazavao** : katalogy — katalogy lany andro — asa-tanana

**Ohabolana** : Aza manao bolokolahy homan-boan-tseva, fy ny atsy, mamy ny aroa.



# Manafatra entana

Indray alahady hariva izay, nipetrapetraka tao an-trano izahay.

Idada sy Ineny mamadibadika katalogy ary izahay ankizy milalao moramora sy mijery sary amin'ny bokinay.

— Andeha ho hafarana ireto Ravao fa mora.

— Inona anefa izay ?

— Ireto fiasana ireto : hetinkazo sy telorirana ary fandoahana.

— Raha misy, mba anafaro fitotoananana aho, fa mandany fotoana be loatra ny mitetika ovy na karaoty.

Dia-niara namadika ilay katalogy teo izy ary izahay ankizy kosa nanohy ny nataonay.

Nahoana raha mba anafaranao lokontsary koa ny ankizy, hoy Ineny. Mora be ireto izy.

— Marina izany, hoy Idada. Sady toa mazoto manao sary izireo.

Tsy niteny tsy nivolana izahay nefa nidobon-kafaliana ny foko.

Izao aho dia hianatra hanao sary, mba hahavita tsara tarehy rehefa tonga ny loko mety hohafaran'Idada.

**Hazavao** : katalogy — hetinkazo — telorirana — fandoahana — fitotoananana — tsy miteny tsy mivolana

**Ohabolana** : Izay manan-tsira mahay mahandro.



# Tonga ny entana

Nifanena tamin-dRaboto izahay, fony hody avy nianatra, ary notolorany taratasy feno soratra printy.

— Omeo an-drainareo ity, hoy izy.

Gaga aho, satria anaty valopy avokoa ny taratasy avy amin'ny pôsitra ho anay.

— Filazana ny fahatongavan'ireo zavatra nohafarantsika ity, hoy Idada. Azo alaina eny amin'ny doany hono. Rahampitso ihany dia halaiko. Tsy andrinay mihitsy ny hiverenan'Idada naka ilay entana. Hatramin'Ineny avy no milaza hoe : Fa nankaiza izato rainareo Rankizy ?

Iny tamy Idada, mitondra kesika mifatotra amin'ny mobilety. Lehibe ihany, nefa toa tsy mavesatra loatra.

— Efa nosokafanao tany an-dalana angaha ?

— Nosokafako teny amin'ny doany sao misy vaky teny an-dalana. Sady nanontanian'ny mpiasan'ny doany koa moa ny zavatra tao anatiny.

— Ka ohatrinona no naloanao tamin'ny doany ? Tsy vola be va?

— Na be iny na kely, didy tsy maintsy efaina.


Nitangorona nanodidina ny kesika izahay nijery ny zavatra navoakan'Idada tsirairay avy ao anatin'ny mololo.

Mahafinaritra ny manokatra entana vaovao.



**Hazavao** : printy — doany — efaina

**Ohabolana** : Tsy misy vao tsy ho tonta.



# Mamaky gazety

Hanao famandrihana aho Ravao fa mahasosotra ahy ny tsy mahatratra gazety indraindray. Matetika efa ifandrombahana ery vao mahazo, ary raha misy vaovao mahaliana andrasan'ny olona iny, dia tsy mahita mihitsy.

— Marina izany, hoy Ineny, sady raha mamandrika hianao, dia moramora kokoa ny vidiny. Sady izay aterina eto fa tsy alaina intsony.

Dia raikitra namandrika Idada ary tonga tsy tapaka. Gaga izahay satria ireo gazety vidin'Idada dia toa tsy vakiny tanteraka nefa izao izy mitaraina fa tsy mahazo indraindray.


Nohazavainy fa tsy hoe raha vao azo ny gazety dia vakina. Misy fotoanany. Omeny hojerenay ankizy koa rehefa vita vakin'izy sy Ineny.

Misy sary mahafinaritra. Ary mahafinaritra anay koa ny lahasoratra ao anatiny. Satria isaky ny nomerao tonga dia misy tantara feno sary ho an'ny ankizy. Ao koa ny vaovaom-paritany ahafantarana ny any Diégô, ny any Mojanga, ny any Toamasina.

Mahafinaritra ahy lavitra ny vaovao momba ny fanatanjahantena sy ny ady baolina. Ao koa ny programan'ny Radiô Tananarivo.

**Hazavao** : **Famandrihana — mamandrika — vaovaom-paritany — programa — tsy vakiny tanteraka — mahaliana**

**Ohabolana** : **An-koatry ny bonga toa misy tafika ; vilany misarona toa misy hena.**



# Maka sary

Feno enina taona Isoa tamin'izay. Efa hianatra hiaraka aminay zokiny izy.

— Andao haka sary isika hoy Idada, ho fahatsiarovana ny faha-enin-taonan'Isoa.

— Faly daholo izahay rehetra, ary samy niomana niakanjo ny fitondra alahady.

— Tao anaty zaridaina malomaloka no nampijoroan'Idada ny fakantsariny, nasiany tongony.

Vetivety dia nilamina teo anoloan'ny fakantsary izahay : Isoa tao ampovoany indrindra.

Nanoloana anay Idada nijerijery tsara.

Aza mifanalavitra loatra, hoy izy, ary mandrosoa kely Indriana fa takona.

Mety izao fa aza misy mihetsiketsika intsony.

— Nokitihiny ny fakantsary ary nihazakazaka namonjy ny toerany izy sady niteny hoe : Tandremo aza misy mihetsika.

Nisy zavatra nihararetra tao amin'ny fakantsary. Eny aminy ny masonay rehetra. Dia nipitika izy.

— Vita hoy Idada.

— Tsy andriko ery ny hahita ny sarinay.



**Hazavao** : **Manoloana — nokitihina — mipitika**

**Ohabolana** : **Ny tarehy no ratsy ka ny volo no aolanolana.**



# Ny milina fanjairana

Manjaitra akanjo hanaovako amin'ny fety Ineny.

Variana Izanany mijery ny fanjaitra mievotrevotra sy mahita ny lamba mandroso moramora ary voazaitra mahitsy tsara.

Tsy naharitra izy fa niteny hoe :

— Sarotra ve ry Ineny ny mampiasa io milina io ? Toa ahodina fotsiny dia vita.

— Tsy sarotra loatra hoy Ineny. Ao ahodino ange. Hianao manodina, izaho mitana ny lamba.

— Faly Izanany, ary kinga ery, ka nandray ny kodiarana. Nanodina ka hita mikaviavia. Mafimafy izy izany, hoy Izanany; nefa dia nihodina tsara ihany ny kodiarana.

— Raiso indray ary ny lamba, hoy Ineny.

Nandray Izanany sady nanodina... Nivilavila fa tsy mba nahitsy toy ny an'Ineny. Nefa dia voazaitra ihany ny lamba.


— Rehefa lehibe hianao, hoy Ineny, ka mizatra tsara, dia hahay tsara.

— Tsy andriko ery ny hahalehibe ahy, dia izaho ihany no hanjaitra ny akanjoko rehetra, hoy Izanany.

Eny hoy Ineny. Amin'izay hianao efa mahay tsara manao ny totoziny, mahalala ny atao hoe lakana, vodibasy, mahay mampi ditra ny kofehy.

**Hazavao** : **mievotrevotra — totoziny — lakana — vodibasy**

**Ohabolana** : **Zai-damban'antitra, ka tsy mila rendrarendrany fa izay hahamafy azy no atao.**



# Ny kalesy

Hitako fa misy tapa-kazo betsaka angonin'Idada ao an-trano fampirimany fiasana.

Nilaza tamin'Inaivo aho indray andro :

— Andao isika hanao kalesy kely hilalaovana. Mahafinaritra mihitsy ny hitaingina kalesy atsy amin'ny fidinana avara-tanàna.

— Hevitra mety tokoa izany, hoy Inaivo; nefa tsy mora anie ny manao ny kodiarana. Ho azontsika atao mora foana ny mandrafitra ny vatabeny fa ny hanao boribory ny kodiarana sy handoaka azy no ho ady mafana.

Niresaka tamin'Idada izahay.

— Hampanao an-dRalahy aho, hoy izy.

— Mety hanao ve izy ? ry Idada.

— Tsy hangataka azy hanao fotsiny aho; tsy azo atao ny mindrana azy. Ny rafitra no fototrasany ka tsy azo ampiasaina maina izy, raha ny momba ny rafitra.

— Tsy nisy telo andro taorian'iny akory dia nampananterindRalahy ny kalesy. Nasiany fingotra ny kodiarany ary nataony boribory tsara koa ny familiana.

— Nisaotra an'Idada izahay, dia lasa nihazakàzaka hanandrana ny kalesinay.


— Tandremo sao maratra! hoy Idada.

Nifandimby nitaingina izahay telo mirahalahy, nefa izy roa lahy zandriko no navelako hanarampo, satria hitako tena mahafaly tanteraka azy ny entin'iny kalesy iny miriotra.



**Hazavao :** fampirimana — vatabeny — ady mafana — fototrasa — hanarampo

**Ohabolana :** Tsara raha mangetaheta ka sendra rano.



# Mpandrafitra

Samy mpandrafitra Ralahy eto an-tanànay sy Rabia ery an-dafy avaratra.

Nefa samihafa tokoa ny fomba fiasany sy ny endriky ny zavatra vitany.

Ny an-dRalahy malama tsara ny hazo ary mahitsy tsara na dian-tsofa, na diam-bakona, mikatona tsy ahitana hirika ny adirafitra. Ny an-dRabia kosa mivohibohitra, mibilabila ary misanasana.

Nianatra tsara ny fahaizana taratasy ankapobeny Ralahy aloha, vao nanohy fianarana rafitra. Fa misy sekoly fianarana manokana ny rafitra. Ka isan'ny zavatra ianarana ao ny sary, ny marika, ny fampiasana ny fiasana rehetra, ny karazan-kazo, ny karazan'adirafitra, ny karazan-javatra vita amin'ny hazo.

Rabia kosa dia tsy mahay afatsy vakiteny sy soratra. Ary nijerijery fotsiny izay ataon'ny mpandrafitra, sy nizajatra ho azy teny. Dia nanandrana tsikelikely ary dia nividy fiasana tsotsotra. Dia nilazatena ho mpandrafitra izy ary nanao izay mba vitany.

Mahasoa ny fianarana momba ny asa rehetra, ary misy fianarana manokana momba ny asa-tànana.

Ka izay te ho mpiasa tena mahomby sy ikoizana, dia tokony hianatra manokana momba io asa io, fa tsy hanao toy ny milazatena ho mpiasa ankehitriny ka manao hoe :

Mba nanaonao teny aho dia nahay nony ela.

Marina ny hoe nanaonao fa tsy marina kosa ny hoe : nahay.

**Hazavao :** hirika — adirafitra — mivohibohitra — mizajatra — ikoizana — manaonao — izay mba vitany

**Ohabolana :** Aza atao homan'ila toy ny rafi-dratsy.




# Manolo pneu

Vaky pneu ilay taxi-brousse nitondra anay ho any an-tsena indray mandeha. Nipoaka mafy toy ny basy ny fahavakiny ary taitra mafy aho.

Nijanona tamin'ny an-kavanan-dalana ny taxi ary nidina daholo ny mpandeha rehetra.

Namonjy nijery ilay kodiarana simba aho, ka nahita azy nifetaka tamin'ny tany. Ny kodiarana an-kavanana no voa.

Kinga ery ilay mpamily nametraka ny kriky tao ambanin'ny ôtô sy nanodina azy. Niakatra tsikelikely ny ôtô manontolo, ary farany dia tsy nikasi-tany intsony ilay kodiara vaky.

Vetivety koa no nanesorany azy ary nametahany ilay kodiarana fiandry. Nahodiny mafy tsara ny bolao rehetra, nampiriminy koa ny fiasana. Dia namaoka tànana tamin'izay vorodamba malotoloto izay izy.

Miakara fa lasa isika, hoy izy niantso ny mpandeha.

Fotoana fohy ihany no nampijanona anay teo : ampahefatr'adiny eo ho eo angamba.

— Ary raha misy anankiray vaky indray izao ry Idada, dia atao ahoana ?

— Aza miteny loza anaka. Raha misy vaky indray dia tsy maintsy very fotoana ela, satria tsy maintsy manampina ny simba. Tokony ho fiandry roa ny an'ny taxi-brousse izay tsy maintsy mamonjy fotoana hatrany.

**Hazavao :** pneu — taxi-brousse — kriky — fiandry — bolao — eo ho eo

**Ohabolana :** Ny tampoka tsy maha-lehilahy nefa ny tsara antoka naman'ny vonona



# Ny vakisinin'omby

Andro tsy fianaranay indrindra no hanaovana ny vakisinin'omby ao amin'ny faritaninay.

Omby be dia be no efa tonga talohanay tamin'ilay toerana akaiky ny iasan'ny veterinera. Maodimaody avokoa izy rehetra, ary betsaka no nandositra sy nihenjika eran'ny tampontanety. Sahirana dia sahirana ny tompony mamerina azy sy manenjika azy manerana ny saha.

Ny ombinay dia mpiasa mora baikoina sady malemy fanahy avokoa. Ny ombivavy koa dia manoatra aza noho ireo mpiasa ny fanahiny.

Tonga ny anjaranay. Nanatona ny veterinera nitondra fanindronana teny an-tanany.

— Hendry ve ny ombinao, hoy izy tamin'Idada ?

— Manan-tsaina tokoa izireo hoy Idada ary efa natao vakisiny tamin'ny taon-dasa.

Noraisin'Idada ny rambon'Ilaimena, natolony ny veterinera. Noraisin'ny veterinera ny loharambo ilay misy volo iny indrindra. Notsatohany ny fanjaitra. Niantsambotra Ilaimena nefa nopetapetahan'Idada, die nisefosefo fotsiny.

Nalefan'ny veterinera moramora ny ranompanafody, dia notsoahany ny fanjaitra. Ny hafa indray hoy izy.

Iny vakisiny iny dia misakana azy tsy ho voan'ny aretindoza atao hoe tomboka, izay mety mahafaty omby vetivety ary mora mifindra fatratra.

**Hazavao** : maodimaody — mihenjika — veterinera — misefosefo

**Ohabolana** : Tsy misy toa an-dRamalina fa nifehy hazo tokana.



# Ny koperativa

Mandoa ariary roa isam-bolona izahay, ary angonina daholo ireo vola ireo. Ikambananay rehetra ny vola ary hividianana izay tsy ampy momba ny fianarana.

Nanao fivoriana izahay indray mandeha ka hoy ny mpampianatra :

« Fantatrareo fa ilaina ny vola. Tsy misy tsy mahalala hianareo fa ny zavatra rehetra ampiasaina dia vidina avokoa. Ka arakaraka ny mampitombo ny volan'ny koperativantsika no hananantsika fombam-pianarana ampy, boky, kahie, ka moa ve dia ny latsak'emboka isam-bolana ihany no hatambatra tsikelikely ?

Manontany anareo aho : Izany ve ? »

Ka izao no hafatro : Samia mieritreritra mikaroka izay fomba mety hahazoam-bola an-koatry ny latsak'emboka. Samy hamosaka ny hevitra hitany hiaraha-midinika.

Avy hatrany dia nisy feo maromaro nilaza hoe : Manao kermesy Ramose.


— Maika loatra izany fa tsy maintsy dinihina tsara. Tsy anio no ilana ny valiny fa amin'ny heriny, ka samia mandalina tsara hatramin'izay.

Hita amin'ny endrika fa avy hatrany dia efa samy nitady.



**Hazavao** : latsak'emboka — an-koatra — midinika

**Ohabolana** : Asa vadi-drano, tsy vita tsy ifanakonana.



# Ny koperativa (tohiny)

Dia niherina ny andro, ary nivory nihevitra ny koperativa indray izahay.

Lazao ary ny hevitra hitanareo, hoy ny mpampianatra.

Nitsangana Imbeloson. Kermesy no tokony hataontsika. Io no ankasitrahan'ny olona sady mampiditra vola vetivety.

Betsaka ny mpianatra no nanao hoe : marina izany.

Raharahan'olondehibe ny kermesy, hoy ny mpampianatra. Filokana no karazan-dalao itarihana ny olona : kodiabe, kodiakely, soavalikely, hatramin'ny toraka kapoaka foana aza.

Zava-madinika no hatao, ka samy mamorona izay manavanana azy : sary amin'ny taratasy, sary mivaingana, sokitra, zaitra, ets.

Manokana andro anankiray hampisehoana ireo isika, hojeren'ny olona sy hovidiny.

Nitehafana ny hevitra natolotry ny mpampianatra ary dia samy nieritreritra izay zavatra hataony.

Inona re no mba hataoko ê ?

**Hazavao** : **kermesy — ankasitrahan'ny olona — filokana — kodiabe (tourniquet) — kodiakely — sokitra**

**Ohabolana :** **Ny hevitry ny maro mahatakatra ny lavitra.**



## Nivory ny mpihevidraharaha

Fitenin'Idada matetika ny hoe : « Handeha hamonjy ny fivorianay aho ». Dia lasa tokoa izy.

Ary miresaka aminay izy indraindray rehefa tafaverina :

— « Lany, hoy izy ny hanorenana sekoly vaovao ao Andranolava » na hoe « Tsy lany ny hakana vola amin'ireo ôtômôbilina mamonjy tsena », « Rainimbelo no voatsangana hisolo an-dRakotomanga ».

— Manontany malemilemy an'Izanany Indriana hoe « Inona ange izany lany sy tsy lany lazain'Idada izany ? » Ary mba tiako ho fantatra koa izany fivoriana alehan'Idada izany.

— Ren'Idada ka hoy izy : « Ny raharahantsika ato an-trano, ny fitadiavam-bola, ny fividianan-javatra, ny fikarakarana ny fianaranareo, ny lahasa rehetra, dia izaho sy reninareo no mikarakara azy ». Izahay koa no mampanao anareo izay raharaha mba mety vitanareo.

Tahaky ny tokantrano lehibe ny faritanintsika. Ka olona vitsivitsy fidin'ny mponina rehetra no mikarakara azy. Isan'ireo olona ireo aho. Mivory matetika izahay mihevitra izay tokony hahasoa ny faritany. Latsabato avokoa no amaranana ny adihevitra. Fomba fitenenana io, fa fanisana ny manaiky sy manda no atao hoe latsabato.

Ineny no namaran-teny nanao hoe : Ho fantatrareo daholo izany rehefa lehibe hianareo, fa andao hisakafo.



**Hazavao** : **Mpihevidraharaha — fivoriana — voatsangana — faritanintsika — latsabato**

**Ohabolana** : **Hevitra tsy azo mampihazohazo.**